


TORITENY - ALAHADY faha-26 TSOTRA - TAONA D



Ry olon'Andriamanitra, katsaho ny fahamarinana, ny fahazotoa-mivavaka, ny finoana, ny fitiavana, ny faharetana, ny fahalemem-panahy

Ry kristianina havana, mbola tohizantsika amin'izao mandavantaona izao ireo fanoharana nentin'i Jesoa ampitaina ny hafatra mikasika ny fiainantsika maha-Kristianina izany hoe ny hivelomantsika mpanara-dia azy ka hahaizantsika mampitraotra ny finoana sy ny fianana andavanandro. Amin'izao faha-26 mandavantaona izao dia ny fanoharan'i Lazara sy ilay mpanankarena no atolotry ny Eglisy amintsika. Azo lazaina fa ireo vakiteny telo dia mifanaraka amin'ilay hafatra tiana hampitaina amintsika dia ny mba hivelomantsika ny finoana eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Raha dinihina sy halalinina bebe kokoa io fanoharana io ao amin'ny Lk 16, 19-31 dia azo lazaina fa ny fiainantsika tokoa. Mety mieritreritra isika fa ilay mpanankarena dia tsy mahakasika atsika fa indrindra amin'izao andro saroatra izao. Iza tokoa no afaka hilaza fa manan-karena? satria ny fiheverantsika azy dia hoe olona manam-bola, manana trano.

Fantaro ry Kristianina havana fa io harena voalaza eto io dia isika tsirairay avy manana harena ka

mahatonga atsika tsy hahalala ny hafa, izay no loza. Io ny tadiavin'i Jesoa hampahafantarana ny mpihaino azy tamin'izay fotoana izay.

Vakiteny I : Am. 6, 1a. 4-7

Salamo : Sal. 145

Vakiteny II : 1 Tim. 6, 11-16

Evanjely : Lk. 16, 19-31

Raha tiantsika ny hivelona ny finoantsika, ataontsika ahoana ny harenantsika, inona ny anjara toeran'ny harena eo amin'ny fiainantsika andavanandro ? izay ny lafiny voalohany

sy tiako hanaovana fampianarana lalindalina. Aza manondro olona isika fa isika io harena io, ary fantaro ry Kristianina havana fa tsy misy anarana io mpanankarena io fa mpanankarena fotsiny fa

i Lazara kosa manana anarana. Ireo manodidina atsika dia matetika voahilikilika, be fitiavan-tena isika, miavonavona ary indrindra isika manana ny vola. Io no tena mbola mandoza ny firenentsika ka anafaran' ny Eveka antsika hatrany amin'ny fototry ny fanabeazana fa hoe : "Harena ny harena raha mamokatra ary mamokatra ho an'ny be sy ny maro. Izay no azo amintinana ny hafatra voalohany amin'ity Evanjely ity : ny anjara toeran'ny harena dia hanaovana soa ho an'ny hafa, atao hanaovana soa iomboanana . Ny harena nomen'Andriamanitra anao dia tsy atao hanilikiliana. Fantaro fa tsy misy anarana io mpanankarena io, fa isika io. Raha ny tena marina tsy nisy fahadisoana tahaka ny fanaovana risoriso no nataon'ilay mpanankarena fa ny fahadisoana dia izy tsy niraharaha an'i Lazara. **Izay ny fampianarana voalohany dia ny hoe: Aza manilikilika fa ny soa atao hilevenam-bola.**

Ny fampianarana faharoa : henontsika amin'ny ady hevitra nataon'ilay mpanankarena amin'i Abrahama, hitantsika izany fa misy hafatra lehibe faharoa tiana ampiataina hampiharina eto : ny fiainantsika no ho entintsika ho eo amin'ny fiainan-koavy. Izay no mahatonga atsika miteny hoe "Anio ny hoavy fa tsy amaray" Ataontsika ahoana io fiainantsika io? io no lazain'ny hafatra eto. Raha niangavy an'i Abrahama ilay mpanankarena ka nahita an'i Lazara ao anatin'ny fiadanana dia nilaza hoe : "mba avelao i Lazara handeha ety an-tany" satria efa misy elanelana. Ny tian'ny ambara dia tsy afaka hanao na inona na inona intsony isika rehefa miala amin'ity fiainana ity ka ity fiainana ity no hanomanantsika ny hoavy fa aza mieritreritra isika fa ny hoavy mbola tsy hita. Fa arakaraky ny anaovantsika izao fiainana izao ny hoavintsika.

Inona ny hoavy ? Raha tiantsika ny hoavy feno fiadanana dia ataovy fiadanana izao fiainantsika izao. Feno fiadanana izao fiainana izao raha mifanao soa isika, raha mampanjaka ny rariny isika, raha ny talenta ananantsika dia entintsika hanasoavana ny be sy ny maro ary hikatsaka ny soa , iombonana ao anatin'ny rariny sy ny hitsiny. Fa raha mifanipaka isika araka ny voalazan'ny taratasin'ny Eveka farany teo, aoka ary isika hahay hanararaotra an'izao fa sao dia sanatria tahaka an'ilay mpanankarena, efa misy elanelana ny any sy ny aty araka ny voalazan'i Abrahama tamin'ilay mpanankarena.

Ny fampianarana fahatelo: Tsarovy fa mbola nampiany ny hafatra hoe: "Aoka hihaino an'i Moizy sy ny mpaminany izy ireo" izany hoe hivelona ny tenin'Andriamanitra izy ireo. Io ny hafatra goavana fahatelo ry Kristianina Havana: I Jesoa no loharano sy fiainana ary fahamarinana ho antsika. Ataovy ho fiainana i Jesoa ary izay no maha-Kristianina atsika. Ny atao hoe Kristianina dia isika avy amin'i Kristy ary izay no antitraterin'i Md Paoly raha nanafatra an'i Timote izy izay enontsika tamin'ny vakiteny faharoa: "Ry olon'Andriamanitra, katsaho ny fahamarinana, ny fahazotoa-mivavaka, ny finoana, ny fitiavana, ny faharetana, ny fahalemem-panahy" ary raha maheno an'izany isika dia mahatsiaro ireo ratsantanana dimy izay manambara ny finoana. Mahay mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro.

Aoka ary ry Kristianina Havana, alaviro izay voalazan'i Amosa mpaminany amin'ny vakiteny voalohany fa aoka kosa isika hiala amin'ny loza dia tsy inona fa ny vola izay mahatonga ny fitiavantena, ny fialonana, ny avonavona ka mahatonga ny herisetra isankarazany, mahatonga ny fifamonoana etsy sy eroa. Aoka isika hahay hifanao soa fa soa atao ilevenam-bola hoy ny tenindrazantsika. Aoka ary hahay hanararaotra izao fiainantsika izao isika ka hahay hampiasa ny harena eo am-pelatanantsika izany hoe io fiainantsika io no harenantsika voalohany ka aoka hampiasantsika hanompoana an'Andriamanitra fa tsy hanompo ny vola. Tsy hanompo ny harena

isika fa hanompo an'Andriamanitra izany hoe isika samy isika hifanasoa, hifanatsara ka amin'izay ao anatin'ny fiadanana ilay nambaran'i Lazara ka tsy nahafahan'ilay mpanankarena nidirana satria ny elanelana misy hantsana. Aoka ary ny fiainantsika tsy ho hisy hantsana na oviana na oviana. Aoka araky ny hafatry ny Papa: hanao tetezana hifampitana isika fa tsy hanangana rindrina izay mampisaraka fa kosa ho ao anatin'ny fifankatiavana hampijoro tetezana hifasoavana manatsara ny fiainantsika.

Ry Jesoa Tompo ô, mazava ny hafatrao amin'izao Alahady faha-26 taona izao ka nanolotra anay io sakafom-panahy io, aoka re izahay tsy ho revon'ny fitadiavana ny zavatra ety ivelany hanangana an'izao sy izao, tsy izay ny tanjona fa hamboly ny fifankatiavana sy fifanosoavana kosa izahay ary nampianarinao anay izany eo amin'ny fiainanay andavanandro.

Enga anie ny fiainanay mba ho fiainana misy an'izay fifankatiavana izay, misy fifanosoavana ka hiadam-pinaritra izahay. Hisokatra anie ny fonay fa indrindra amin'izao taona masina famindrampo izao, ho feno fitiavana, fo velona fa tsy hoe sanatria fo vato. Ho fo feno fitiavana ka hahay hifangoraka izahay ka hifanasoa, hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana hampanjaka ny rariny sy ny fahamarinana mba hiadam-pinaritra ao aminao izahay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson